



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Inde sy Madagasikara : fiaraha-miasa matotra eo amin'ny sehatry ny angovo, ny fahasalamana, ny fambolena ary ny fampianarana ambony.

Mitohy ny fiaraha-miasa eo amin'ny Inde sy Madagasikara. Hotokanan'ny firenena indianina sy Madagasikara atsy ho atsy ny masinina fanaovana « radiothérapie » izay hanampy hitsabo olona aman'alina izay voan'ny homamiadana. Hisy injeniera roa misahana ny fampiasana ny angovo azo avy amin'ny masoandro ho alefan'i Inde hanome fanofanana ho an'ny olona eo amin'ny 600 mikasika ny fampiasana ireny « panneaux solaires » ireny. Hisy ihany koa mpahay siansa indianina mikasika ny fambolena hijery ireo velaran-tany fambolena vary eto Madagasikara ary hanampy antsika hampitombo ny famokarana vary malagasy. I Inde rahateo dia mbola manohy ny fanomezana vatsim-pianarana ho ana mpianatra malagasy an-jatony izay maniry ny hianatra any an-toerana.

Ireo no seha-piaraha-miasa noresahana nandritra ny fanomezan'ny masoivoho vaovaon'i Inde, SEM Abhay Kumar, ny taratasy manendry azy hiasa eto amintsika tamin'ny filoham-pirenena androany 15 mai 2019 teny amin'ny lapam-panjakana lavoloha.

Sampan-draharaha misahana ny serasera sy ny fifandraisana

15-05-2019